Olan'ny fanabeazana 3

**Nanome 72 ora ny ministera ny ANEFFA Vakinankaratra**

Fifidianana 3

**Henatra ho an'ny CENI ny tsy fisiany amin'ity taona ity**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 15 jona 2023 Laharana 1445

Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Zaza Ramandimbiarison** 2

Frantsay i Andry Rajoelina, Madagasikara tokony ho an'ny Malagasy

Ravalo tany Vatovavy sy Amoron'i Mania 2

## Miverena fa mijaly izahay vahoaka Prezidà



Miala Rajoelina 3

## Tsy tafaverina talohan'ny 26 jona 2019 ireo Iles Eparses

**J - 86**

EPP Ambohitrolomahitsy 2

## Mampisakafo mpianatra 240 mandritra ny 7 herinandro i Jean Bosco



Valin'ny Neny Filamatra 2023 6

## Aryh Rakotoarisoa N°2 no nivoaka ho mpandresy



Zava-mahadomelina 6

**Nahitana rôrô tany Andilamena**

Fety volana jona 7

**Asaramanitra miavaka miaraka amin'ny Baolai**

Daka kely

Hay ve vozongo fa tsy gasy tsony nareo ry Boaikely a !

RAVALO TANY VATOVAVY SY AMORON'I MANIA

# « Miverena fa mijaly izahay vahoaka Prezidà »




*Ny filoha Ravalomanana tany Mananjary ny talata teo.*

Tontosa omaly sy ny talata teo ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tany amin'ny faritra Vatovavy sy tany amin'ny faritra Amoron' i Mania. Na tany Mananjary, na tao Ambositra, azo lazaina ho fahombiazana izany kongresim-paritry ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana izany, satria feno foana ny toerana nanaovana izany, na ny tao anatiny, na ny tany ivelany. Ombieny ombieny, teny naverin'ireo mpizaiuka ny hoe : « miverena ianao Prezidà fa mijaly izahay vahoaka, mirotsaha hofidiana indray ianao Prezidà, hanavotra ny vahoaka sy ny firenena ! » Toy izany koa tamin'ny lalany nandalovany tamin'ny RN25 sy ny RN7 avy any Mananjary nihazo an'Ambositra dia samy niantso an'i Dada avokoa hiverina hirotsaka hofidiana, ka hitondra ny firenena indray. Na tany Manakara, na tany Farafangana, na tany Vangaindrano, na tany Mananjary, na tao Ambositra dia nahazo tsodrano tamin'ireo Ampanjaka sy Ray amn-dreny tany an-toerana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM. Nambaran'ny filoha Ravaloma- nana nandritra izany fa : "manana ny lanjany sy ny hasiny ny Tranobe, ny Ray aman-dReny : Ampanjaka sy Zanaka mifampatoky, antoky ny fampandrosoana ny faritra. Ny andro sisa iainako dia hatokako hanavotako ny Firenena satria efa nomen' Andriamanitra tombon'andro Aho. Koa andeha isika hiara-dia ho amin' izany, tena reko ny antsoantso sy fitarainanareo," hoy izy. Ny sabotsy izao, Antsirabe indray, no handray ny kongresim-paritry ny TIM Vakinankaratra.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Hafa ny an'ny fitondrana ny antsoiny ho fahombiazana


Ao anatin'izao fitondrana izao, ny zavatra na asa tsy tomombana an-tsakany sy an-davany ary tsy tratra tanteraka amin'ny tokony ho izy, dia ambarany hatrany ho fahombiazana. Aminy izany dia lazainy fa fahombiazana. Amin'ny hafa anefa izany dia tsy fahombiazana mihitsy. Nanamarika izany, ny nambaran'ny filohan'ny Ceni ny talata lasa teo. Raha tany amin'ny manodidina ny 13 tapitrisa no nokendrena hotratrarina sy heverina ho voasoratra tafiditra ao anaty lisi-pifidianana, nambara tamin'ny fomba ofisialy hofantatry ny besinimaro izany, dia ny nambarany eo amin'ny 10 tapitrisa mahery eo no vita. Avy dia mandeha ny saina hoe nahoana no nofaritana ny hotratrarina kanefa hafa indray no nambara ho fahombiazana aty aoriana ? Asa raha hahatratra 11 tapitrisa aza izany, satria mbola nampiana andro vitsy ho an'ireo vaovao tsy mbola voasoratra anarana hatramin'izay.

Ity resaka fifidianana ity, dia tsy milamina raha fehezina sy tsorina ny zava-misy. Anisan'ny misongadina ny tsy fitokisana ny amin'ny fangaharahan'ny fifidianana hotanterahina eo, ary nanamafy izany sy manitrikitrika izany mandrakariva ny avy amin'ny fanoherana. Nambarany aza fa hisy ny hetsika iraisana hotanterahiny tsy ho ela. Nazava sy tsotra ihany koa ny nambaran'ny avy amin'ny antoko Tim, fa tsy maintsy ovaina na soloina ny mpikambana eo anivon'ny Ceni sy ny Hcc raha tiana hangarahara sy hadio marina ary eken'ny rehetra ny fifidianana sy ny vokany. Minia mangina sy tsy hita ho mitondra fanazavana momba izany mihitsy anefa ny avy amin' ny fitondrana, ka mazava loatra raha mitoetra ny tsy fifampitokisana sy ny ahiahy tsy ihavanana. Tsy maintsy hisy fiantraikany amin'ny fifidianana izay hoavy eo anefa izany, raha toa ka miziriziry tsy mihaino ny fitondrana ary minia tsy hifampiresaka amin'ny rehetra. Izay ve no kendrena sy tiana hahatongavana? Mbola ho tantara mitohy ity resaka fifidianana ity.

***Sôh'son***

Zaza Ramandimbiarison

# Frantsay i Andry Rajoelina, Madagasikara tokony ho an'ny Malagasy


21 novembre 2014 JOURNAL OFFICIEL DE LA RÉPUBLIQUE FRANÇAISE 19537

QUOC (Hao Cheng), née le 02/12/1935 à Champassak (Laos), NAT, 2014X 020503, dép. 094, Dt. 046/873.
RABARY (Alain, Michel), né le 16/08/1956 à Tananarive (Madagascar), REI, 2014X 018338, dép. 069, Dt. 046/874.
RADISAVLJEVIC (Milan), né le 01/11/1977 à Meulan-en-Yvelines (78250), NAT, 2014X 022167, dép. 095, Dt. 046/875.
RAHERIVELO (Haingomalala), née le 22/05/1989 à Majunga (Madagascar), NAT, 2013X 121705, dép. 093, Dt. 046/876.
RAHMOUNE (Mounir), né le 24/04/1968 à Gafsa (Tunisie), NAT, 2014X 022291, dép. 091, Dt. 046/877.
RAHMOUNE (Zeyneb), née le 16/01/2011 à Antony (92160), EFF, 2014X 022291, dép. 091, Dt. 046/878.
RAJAB (Susan), née le 08/08/1982 à Alep (Syrie), NAT, 2014X 031533, dép. 054, Dt. 046/879.
RAJIH (Mohamed, El Mehdi), né le 24/01/1982 à Casablanca (Maroc), NAT, 2014X 015386, dép. 075, Dt. 046/880, autorisé à s'appeler légalement RAJIH Mohamed, El Mehdi, Alexandre.
RAJOELINA (Andry, Nirina), né le 30/05/1974 à Antsirabe (Madagascar), NAT, 2014X 034326, dép. 99, Dt. 046/881.
RAJOELINA (Ilona, Andrialy), née le 19/06/2005 à Neuilly-sur-Seine (92200), EFF, 2014X 034326, dép. 99, Dt. 046/882.
RAJOELINA RAZAKANDISA (Arena, Fanambinantsoa), né le 11/06/2001 à Antananarivo (Madagascar), EFF, 2014X 034326, dép. 99, Dt. 046/883.
RAJOELINA RAZAKANDISA (Eïtan, Ilontsoa), né le 15/02/2004 à Neuilly-sur-Seine (92200), EFF, 2014X 034326, dép. 99, Dt. 046/884.
RAKOTONANAHARY (Malala, Christina), née le 22/12/1978 à

RIACHI (Marwane), né le 28/04/1987 à Casablanca (Maroc), NAT, 2014X 020731, dép. 059, Dt. 046/903.
RIAHI (Hayder), né le 01/06/2008 à Vitrolles (13127), EFF, 2014X 107453, dép. 013, Dt. 046/904.
RIAHI (Iyed), né le 28/07/2012 à Vitrolles (13127), EFF, 2014X 107453, dép. 013, Dt. 046/905.
RICHARD (Marie, Magda), née le 28/02/1984 à Gressier (Haïti), NAT, 2014X 107849, dép. 093, Dt. 046/906.
RIOBO (Norman, Damian), né le 22/10/1979 à Trelew, province de Chubut (Argentine), NAT, 2014X 019888, dép. 075, Dt. 046/907.
RISO (Ottavia), née le 09/12/1943 à Caltanissetta (Italie), NAT, 2014X 022751, dép. 071, Dt. 046/908.
ROCHA LIMA (Danilo), né le 04/03/1986 à Xique-Xique, Etat de Bahia (Brésil), NAT, 2014X 021154, dép. 092, Dt. 046/909.
ROLA PEREIRA (Joao Da Conceiçao), né le 19/06/1954 à Sao Jorge da Beira Covilha (Portugal), NAT, 2014X 022476, dép. 025, Dt. 046/910.
ROMAIN (Joris), né le 21/05/2002 à Cayenne (97300), EFF, 2014X 013769, dép. 973, Dt. 046/911.
ROSENBERG (Kim, Lucinda), née le 10/08/1986 à Rheinau canton de Zurich (Suisse), NAT, 2014X 017314, dép. 009, Dt. 046/912.
ROUABHIA (Tourkia), née le 24/01/1966 à Zaarouria (Tunisie), NAT, 2014X 021109, dép. 028, Dt. 046/913.
ROUGUI (Fatima), née le 01/05/1968 à El Gara (Maroc), NAT, 2014X 013456, dép. 075, Dt. 046/914.
ROUISSI (Rafika), née le 24/06/1983 à Abbassi Sidi Bou Rouis

*Ilay gazetim-panjakana Frantsay nivoahan'ny maha-Frantsay an-dRajoelina 5 mianaka.*

Nivoaka tamin'ny gazetim-panjakana Frantsay tamin' ny taona 2014, fa mizaka ny zom-pirenena Frantsay ny filoha Andry Rajoelina 5 mianaka. Naneho ny heviny mahakasika an'izay ny mpanao politika, sady Praiministra lefitra teo aloha Zaza Ramandimbiarison. Frantsay i Andry Rajoelina hoy izy, Madagasikara tokony ho an'ny Malagasy, ho an'ny Malagasy tena tia ny Tanindrazana Malala sady Masina ity :

« Io no porofo mitohoka amin'ny tenda fa Frantsay ingahy Andry Rajoelina. Natao "Naturalisation " izy mianakavy ny 19 Novembre 2014 ary nivoaka tamin'ny Journal Officiel Frantsay ny 21 Novembre 2014. Raha ny lalàna eto Madagasikara dia tsy tokony ho azo ho fidiana ho filohan'ny Malagasy mihitsy izany Ingahy Andry Rajoelina ary tsy tokony ho Filohan'ity Tanindrazana Malagasy ity. Ambon'izany noho ny maha FRANTSAY azy dia nanao fianianana tamin'ny nahazoany ny taratasy izany ka nianiana hiaro ny tombontsoan'ny Frantsay amin'ny heriny rehetra izany. Izany ny fianianana tsy maintsy nataony teo anantrehan'ny mpahay lalàna Frantsay. Mijoroa ry Malagasy mpiray Tanindrazana. Aza mety badoina amin'ny lainga tsara lahatra. Ampy izay ny fampiesonana nandritra ny taona maro. Miantso ireo rehetra mpampiatra ny lalàna velona eto amin' ity Tanindrazana iombonana ity, mba hampihàtra marina ny lalàna mifanandrify amin'izao zava-doza izao» hoy ny fanambarana.

***Nangonin'i Niaina***

EPP Ambohitrolomahitsy

# Mampisakafo mpianatra 240 mandritra ny 7 herinandro i Jean Bosco



*Randriamparany Jean Bosco, tanora mpandraharaha sady mpanao politika.*

Mitohy ny asa sosialy ho an'ny ankizy sy ny tanora ary ho an'ny fiangonana, amin'izao ankatoky ny fetim-pirenena : 26 jona izao, ataon'i Randriamparany Jean Bosco, mpandraharaha ara-toekarena, sady filohan'ny Tanora TIM any Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Nambarany raha tafaresaka tamin'ny mpanao gazetin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao fa : amin'ny maha volan'ny ankizy ny volana jona, sady hankalazana koa ny fetim-pirenena, misy ny cantine scolaire, na fampisakafoanana an-tsekoly ataony ho an'ny mpianatra sy mpampianatra amin'ny EPP miisa 3 ao Ambohitrolomahitsy, izany dia tanterahana mandritra ny 7 herinandro. Vary sy laoka no omena ireo mpianatra sy mpampianatra miisa 240 eo. Mbola hisy atsy ho atsy ny fampisakafoanana ny mpianatra sy mpampianatra amin'ny EPP hafa any an-toerana. Efa ho avy ihany koa ny vakansin'ny mpianatra afaka andro vitsy, ireo mpianatra voalohany, sy faharoa ary fahatelo amin'ny EPP any Ambohitrolomahitsy dia ho toloran-dRandriamparany Jean Bosco fanomezana amin'ny fiafaran'ny taompianarana 2022- 2023 izao.

Eo amin'ny fikarakarana tanora, efa natao ary mbola tohizana hoy izy ny « tournoi » fanatanjahantena baolina kitra isampokontany ho an'ny tanora lahy sy vavy, avy amin' ireo fokontany miisa 20 any amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy. Samy manana ny ekipany avy ny isam-pokontany, saingy misy ny manana tarika 3 na 4 na mihoatra, arakaraky ny isan'ny mponina amin'ireny fokontany ireny, ary efa nisy ny nahavita famaranana tamin' ny fifaninanana baolina kitra tamin'ireny fokontany ireny, efa notolorana loka ondry, mbola ho avy koa amin'izao iandrasana ny 26 jona izao ny « tournoi » amboara na coupe omby. Mahatratra hatramin'ny 30 ireo ekipa isampokontany mandray anjara amin'ireo fifaninanana atao.

Manampy ireo fiangonana any Ambohitrolomahitsy ihany koa ity tanora mpandraharaha mpanao politika ity, fiangonana miisa 3 nila fanohanana no efa nampiany ary nambarany, fa tsy anavahana fiangonana ny fanampiana izay ataony.

Ho an'ireo tantsaha olondehibe, nanambara Randriamparany Jean Bosco, fa ho avy ihany koa ato ho ato, ny fanofanana momba ny fambolena sy ny fiompiana homena azy ireo.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. (J-86)

# Tsy tafaverina talohan'ny 26 jona 2019 ireo Iles Eparses

Dradradradraina andro aman'alina ny fitondroana ny « Fiandrianam-pirenena » ary milaza ho saropiaro amin'izany izao fitondrana izao. Ny tsy fianteherana amin'ireo mpiara-miombon' antoka ara-teknika sy ara-bola mahazatra (Partenaires Techniques et Financiers) satria tsy handroso mihitsy Madagasikara raha mbola ireo no antenaina. Ripaka teto anefa ny Malagasy raha tsy nisy ireo mpamatsy vola mahazatra ireo tamin'ny niparitahan'ny valanaretina Covid-19. Matikambo ihany koa fa entiny miady amin'ny valanaretina ny CVO fanafody nentina niady tamin'izany kanefa dia nampitrosona tamin'ny tany ny « Fiandrianam-pirenena » satria afa-baraka teo imason'ny firenena maro i Madagasikara noho ny tsy nahasitranan'ny olona nisotro azy, ankoatry ny fianakavian-dRajoelina Andry sy ireo mpitady sitraka aminy. Niseho ho tena hanandratra izany "Fiandrianam-pirenena" izany Rajoelina Andry raha nilaza ho ren-tany, ho ren-danitra fa namerina nialohan'ny 26 jona 2019 ireo Nosy Malagasy (Iles Eparses). Tsy tafaverina ireo Nosy Malagasy ireo ka natsangana ny Komity niarahan'ny solontenan'ny fitondrana frantsay sy malagasy nandinika ny momba izany, kanefa na izany aza raha nitsidika ny iray amin' ireo Nosy ireo, Île Glorieuse » ny filoha Macron, dia nilaza hoe : « Ici c'est la France » ary nanangana ny sainam-pirenena frantsay izy. Amin'izao fotoana izao anefa dia tsy mbola hita izay vokatra azo notsapaintànana tamin'ny fikaonan-doha taloha ary efa nisy fikasana nanatanterahana izany, fa toa nihemotra na nofoanana mihitsy. Mariky ny fiandrianam-pirenena anefa ny fiverenan'ireo Nosy ireo ho ao anatin'i Madagasikara indray. Niainga nihazo an'i Lafrantsa Rajoelina Andry ny faranan'ny herinandro lasa teo, tsy fantatra mazava izay antondiany, satria araka ny fanaony dia tsy manao valandresaka amin'ny mpanao gazety toy ny fanaon'ny Filoha nifandimby tao anatin'ny enimpolo taona izy. Heverina fa saika hanao fanomezana tsy hampoizina ho an'ny vahoaka Malagasy indray, satria nanantena ny nahazo fahafahampo amin'izay nangatahiny tamin'ilay filoha frantsay niara-teraka taminy tao anatin'ny taona 70 (même génération). Tsy nisy fanambarana niombonana anefa taorian'ny fihaonana fohy dia fohy, ka tsy ho re tsaika ihany koa rehefa hiverina an-tanindrazana ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara Rajoelina. Raha araka ny fantatra dia toa resaka fanampiana amin'ny fifidianana no ho azo avy amin'i Lafarantsa, ka aiza ny fiandrianam-pirenena amin'izany satria raha ny marina dia tsy hianteherana amin'ny any ivelany izany fifidianana izany. Manaporofo koa izany fa tsy misy vola intsony ao anaty kitapom-bolampanjakana ao satria niala ilany tsy namolavola ny Lalànan'ny Tetibola asiam-panitsiana (LFR) ny governemanta. Ny fahamarinan-toeran'ny toekarena no anisan'ny manamarika ny fiandrianam-pirenena satria raha miiba araka ny zava-misy amin'izao fotoana izao eto Madagasikara dia tena mandohalika sy mitalao any amin'ny Mpiaramiombon'Antoka ara-Teknika sy ara-Bola (PTF) ny fitondrana mangataka fanampiana. Tsiahivina anefa fa matikambo Rajoelina Andry, fa noho ny fiandrianam-pirenena dia tsy hiantehitra amin'ireo mpiaramiombon'antoka mahazatra ireo izy, satria tsy handroso mihitsy Madagasikara na amin'ny taona 2060 aza. Tsy mbola mahavita tena ara-tsakafo i Madagasikara na nanambany ireo mpitondra nifandimby teto noho izany Rajoelina Andry, rehefa nandray fitondrana kanefa efa ho tapitra ny fepotoana vao mikoropaka hampitombo iray hetsy hektara ny tany ho volena vary, izay tsy ho voazary raha tsy taona maro. Raha ny toe-javatra iainana eo amin' ny sehatra rehetra misy sy eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena dia tsy afaka hihambo izao fitondrana Rajoelina Andry izao, fa manana fiandrianana ny Firenena Malagasy. Tsy maintsy hitraka ny vahoaka malagasy hivoahana amin'izao haretina mianjady amin'ny firenena izao, ka hisafidy olompirenena matotra sady manana traikefa hoentina mitsabo izany aretina izany.

***Andry Tsiavalona***

Olan'ny fanabeazana

# Nanome 72 ora ny ministera ny ANEFFA Vakinankaratra

Nanome 72 Ora ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena, anamboarana ny tsy mety rehetra eo anivon'io ministera io, ny ANEFFA Vakinankaratra ary mandrahona ny hiroso lalindalina kokoa, ka mety hiafara amin'ny tsy fandraisana anjara amin'ny fanadinam-panjakana ho tanterahina atsy ho atsy, raha tsy mivaly ny hetaheta sy ny fitakian'izy Ireo. Isany amin'izany ny fijerena ny tombontsoan'ireo mpampianatra toy ny fanamboarana ny mari-karama. Takian'izy ireo koa ny fampitoviana ny "poste budgétaire" nivoaka ofisialy, sy ny isan'ireo nahazo fifanarahana arak'asa avy any amin'ny ministera, ka nahatafidirana olona tsy mahafeno fepetra toy izay miseho ao amin'ny lycée André Resampa Antsirabe. Olona 5 tsy mbola nisehatra teo amin'ny fanabeazana no voalaza fa nampidiriny ho mpandraharaha ao, nefa ireo mpiasa 27 mianadahy izay voalaza ho efa nahazo toky tamin'ny filoham-pirenena tamin'ny volana Mey 2021, ka efa nampiditra antotan-taratasy teny anivon'ny ministera ka efa niharitra ny tsy fandraisam-bola sy niasa tsy tapaka dia nodinganina indray.

**Anjakan'ny sendika tokana**

Raha ny filazan'ny solontenan'iretsy farany dia efa nisy ny fifampiresahana tamin'ireo tompon'andraikitra isantsokajiny, saingy tsy nahitam-bokany, ka izao nanosika azy ireo handray izao fepetra izao. " Azon'ny ministera atao ny mampiato ireo olona tsy mahafeno fepetra nomena fifanarahana arak'asa ireo, sy mandray ny sosokevitra avy aty aminay saingy toa lasa ministera an'ny sendika tokana ny an'ny fanabeazam-pirenena ankehitriny, ka ny mpikambana ao aminy no mandidy alohan'ny tompon'andraikitra voalohany"hoy Ratovonjanaharinjakason, mpandrindram-paritry ny ANEFFA Vakinankaratra, nandritra ny fanambarana nataon'izy ireo manoloana ny biraon'ny Cisco an'Antsirabe voalohany ny alatsinainy lasa teo.

Andrasana araka izany ny mety ho tohin'ity raharaha ity. Hahavita hamaly ireo fitakiana ireo ve ny ministera sa dia hatao sorona indray ny Zaza Malagasy hiatrika ny fanadinam- panjakana, izay hiatomboka amin'ny CEPE amin'ny talata ho avy izao.

***Ambinintsoa***



FIFIDIANANA

# Henatra ho an'ny CENI ny tsy fisiany amin'ity taona ity

Ny antom-pisian'ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana fifidianana dia fikarakarana sy fanomanana fifidianana. Raha sanatria tsy hisy izany fifidianana izany amin'ito dia tena henatra bevava ho an'ity rafitra ity. Efa nanamafy ny filohany Dama Andrianarisedo, fa tokony hisy ny fifidianana amin'ity 2023 ity, indrindra ny fifidianana filohampirenena, mitohy ny fifampiresahana eo amin' izy ireo sy ny governemanta mahakasika izay, ka heverina hoy izy, fa hanaja ny teniny ny fahefana mpanatanteraka. Ankoatra izany, nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety ny Ceni tamin'ny talata maraina teo, nanehoany mazava ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy izay nifarana ny faha-10 jona teo, nefa mbola nampiana 20 andro indray, mikasika ny fanitsiana farany izay tokony hatao eny amin'ny fokontany sy ny distrika misahana izany, ka mipaka aty amin'ny Ceni foibe. Izay izany no fetra farany hanaovan'ny olom-pirenena fanamarinana na tafiditra ao anaty lisitra izy na tsia, ka ny faha-17 volana jolay no faranana tanteraka ny



*Ireo mpikambana ao amin'ny birao foiben'ny CENI.*

eny anivon'ny distrika, ary ry zareo indray no mandefa izany eny amin'ny Ceni foibe, mba hahafahany manamarina ny anarana voasoratra sy izay ahiana ho miverin-droa raha misy ohatra ny faha-18 sy 19 jolay, ary hamoaka ny rezisitra farany manerana ny firenena ny 20 jolay, mba ho antoky ny fihodinana roa amin'ny fotoampifidiana-na 9 novambra 2023 sy 20 desambra 2023 ho avy io. Mitotaly 45,3 miliara ariary ny vola lanin'ny Ceni namomboka ny volana oktobra 2022 hatramin'ny 10 jona teo, ka 25,2 miliara Ar no lany ny tamin'ny taona 2022, ary 20 miliara Ar ny taona 2023, izay nandoavana ny karama sy ny tambinkarama an'ireo mpanisa mpifidy ihany koa.

Niantso ny rehetra tsy hanana ahiahy ny filohan'ny Ceni, ka nilaza fa mino ny hitazonan'ny fanjakana ny resaka nifanaovana, ary nanamafy fa efa nisy adihevitra sy fifanatonana lalina teo aminy sy ny fanjakana ary ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Teo amin'ny lafiny politika, dia nilaza ny filohan'ny Ceni manodidina ny fanambaran'ny antoko politika 5 (HVM, MMM, MTS, MFM, Ampela Manao Politika ), izay nilaza fa mandika lalàna amin'ny fanitarana aorian'ny 10 jona ny fanavaozana ny lisitra, dia nanamafy hatrany ny CENI fa tsy mitombina izany, fa manaraka ny pitsompitsony araka ny lalàna izy ireo, ary malalaka amin' izay te-hihaona aminy, misokatra malalaka ny varavarana ny fanambarany. Tsorina fa nanao fisaorana an'ireo mpiara-manentana niara-niasa taminy ny Ceni, ka tsy adinonony ny nataon'ny fiangonana rehetra tsy ankanavaka, toy ny nataon'ny FFKM ohatra, tsy nikely soroka tamin'ny fanomezana ireo teti-bola nampiasaina tamin'ny asa izay natao. Teo ihany koa ny fisaorana ireo mpitsirika "auditeurs " avy ivelany sy ireo roalahy avy eto antoerana, Andriamatoa isany Andriamanampisoa Feno Heritiana natolotry ny TIM, sy Rajaonarifetra Andriamaro avy amin'ny HFKF, izay samy expert amin'ny informatika.

Teo am-pamaranana dia nambarany fa 10.768.137 ireo voasoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, koa io 20 andro io izany no mbola hahafahan'ireo izay feno 18 taona talohan'ny 10 jona 2023 manoratra hatrany ny anarany, nefa ara-dalàna eny amin'ny fokontany misy azy avy, fa ny taorian'io 10 jona io no tsy ekena intsony, raha ny andinindalàna misy sy manankery, ary azon'ny olompirenena atao ny manaramaso sy manao fitarainana raha misy tsy fahatomombanana manodidina izany.

***Beharo***

## TONONKALO

### ANGAHA NAHAZO TEHAMAINA ?

Angaha nahazo tehamaina no tsy nahitana teny ?
Sao dia mba fambara loza ny endri-javatra toy ireny ?
Ora maro nampiandrasana , resaka minitra vitsy ,
Moa nataon'ilay vangiana ho tsisy vidiny mihitsy ?

Angaha nahazo tehamaina no dia tsy afa-nihorakoraka ?
Sa ny loha no efa boda sy nanjary toa nivoraka ?
Hany ka tsy hay intsony hatramin'ny lalana nivoahana,
Tompondaka o ! mifitsaha dia aoka izay ny fidedahana !

Angaha nahazo tehamaina , angaha tsy azo izay nilaina ?
Mandiniha sy mihevera dia meteza ho tonga saina.
Aiza indray re no hisambotra mba hisian'ny fifidianana ?
Votsotra ny nantenaina nefa tsy ampy ny eo an-tanana !

Angaha nahazo tehamaina no dia tena fanimpanina ?
Ontsa anao aho Tompondaka ! mahereza mihinan-kanina.
Saingy tonga kosa ny ora tokony handinihan-tena.
Mialà rehefa tsy hay fa potika ny firenena !

***IRINA HO TAFITA (14-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny filoha Marc Ravalomanana, nitafa mivantana tamin'ny vahoaka sendra azy, tamin'ny lalampirenena RN25, ao amin'ny faritra Vatovavy.**





**Ray aman-dreny sy Ampanjaka, nanome tsodrano ny filoha Marc Ravalomanana tany Mananjary faritra Vatovavy.**





**Ny kongresim-paritry ny antoko TIM Amoron'i Mania, natao tao Ambositra omaly.**












## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra hianareo."*

***Efesiana 6:13***

**RAMAROSON MIKA SY RAMANARIVO ALAIN**

# Nanatrika ny Kongresin'ny Fiba Afrique tany Maputo

Nanatrika ny Kongresin'ny Fiba Afrique natao tany Maputo Mozambika nandritra ny 3 andro (8-9-10 jona 2023), ny FMBB « Fédération Malagasy de Basketball » tamin'ny alalan'ny Filohany, Ramaroson Jean Michel, sy ny Filoha lefiny, Ramanarivo Alain. Nitarika an'izany fivoriana izany ny filohan'ny Fiba Afrique am-perinasa, Manave Anibal notronin'ny « Directeur Régional, Bile Alphonse » sy ny « Président de FIBA ONE, Niang Hamane » ary ny «Secrétaire Général, Zagklis Andreas », ka Firenena niisa 49 amin'ireo Firenena 54 mpikambana eo anivon' ny FIBA Afrique no tonga nanatrika an'izany. Ankoatra ireo tatitra isan-tsokajiny avy nataon'ireo tompon'andraikitry ny FIBA Afrique avy amin'ny Firenena tsirairay avy dia anisan'ny nisongadina ny fiarahabana manokana avy amin'ny FIBA Afrique an'i Madagasikara, noho ny ezaka vitany izay nahatratra ny tanjona dia ny fiatrehana ireo FIADIANA AMBOARA ERAN-TANY 3x3 sy U19. Ny alin'ny 9 jona 2023 dia natokana nanaovana ny antsapaky ny fifaninanana «Afrocan" sy "Afrobasket Women" ho avy.

***Rainilita***




*Ramaroson Mika sy Ramanarivo Alain tany Maputo.*

**Tsipy kanetibe FSBM**

# Eny Ivato no hanatanterahana ny Championnat de Madagascar 2023

Hanomboka eny Ivato « Boulodrôme » akaikin'ireo « Building » vao natsangana, rahampitso zoma 16 jona 2023, ka hitohy amin'ny sabotsy 17 sy amin'ny alahady 18 jona 2023, ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 eo amin'ny taranja tsipy kanetibe, karakarain'ny FSBM « Fédération Sports Boules Malagasy », ho an'ny olo-3 miaraka : sokajy « Séniors » sy « Vétérans» ary « Jeunes » ary ho an'olondroa miaraka sokajy vehivavy. Loka samihafa no hatolotra an'ireo mpandresy amin'ireo fifaninanana ireo, ka hoan'ny sokajy « Séniors » dia hisy ny fanolorana « Trophée » iray hoan'ny klioba sy Amboara 3 hoan'ny mpilalao tsirairay miampy medaly sy lelavola 4.000.000 Ar. Hoan'ny sokajy « Vétérans » kosa dia « Trophée » iray hoan'ny ekipa sy amboara 3 hoan'ireo mpilalao tsirairay ary medaly sy lelavola 1.000.000 Ar kosa no hatolotra azy ireo. Ho an'ny sokajy vehivavy kosa dia « Trophée » iray ho an'ny ekipa sy amboara 3 hoan'ireo mpilalao tsirairay ary medaly sy lelavola 400.000 Ar miampy tapakila hahazoana miatrika ny « Championnat du monde » any Bangkok no hatolotra. Ary hoan'ny sokajy « Jeunes » dia mbola « Trophée » iray hoan' ny ekipa sy amboara 3 hoan'ireo mpilalao tsirairay ary medaly sy lelavola 400.000 Ar ihany koa, miampy tapakila hahazoana miatrika ny « Championnat du monde » any Bangkok no hatolotra izay ho mpandresy. Hanomboka amin'ny 10 ora maraina ny fanipazana ny "bouchon" voalohany amin'ireo fifaninanana ireo amin'ny zoma 16 jona 2023.



*Mpilalao Tsipy kanetibe Malagasy.*

***Rainilita***

**Tenisy Malagasy**

# Hiatrika ny "Coupe Davis 2023" ny sokajy lehilahy


Taorianan'ny nivoahan'ny ekipam-pirenen'ny taranja tenisy vehivavy, ho tompondaka tamin'ny fifaninanana "Coupe Billie Jean King" natao tany Kigali Rwanda farany teo, ka nahatafakatra azy ireo ho ao amin'ny vondrona III amin'ny taom-pilalaovana manaraka dia tafaverina an-tanindrazana, ka noraisin'ny FMT "Federation Malagasy de Tennis" notarihan'ny filohany am-boninahitra tetsy amin'ny Acsa Ambohidahy omaly alarobia 14 jona 2023, izy mirahavavy kambana Ranaivo Narindra sy Ranaivo Mialy roa tamin'ireo tovovavy 4 nandrafitra ny ekipam-pirenena vehivavy Malagasy tamin'izany fifaninanana izany, ka nohobiana sy nomena fisaorana mitafotafo noho ny ezaka sy zava-bitan'izy ireo niaro ny voninahi-pirenena. Ireo mpilalao vehivavy roa hafa kosa dia i Voavy Mitia sy Voavindraina Harena kosa dia efa namantana avy hatrany atsy amin'ny nosy La Réunion hitoeran'izy ireo. Tamin'ny fampiantsoana mpanao gazety teny Ambohidahy, no nanatanterahan'ny FMT izany hetsika tsotra izany ary koa nampahafantaran'izy ireo an'ireo mpilalao 3 mirahalahy handrafitra ny ekipam-pirenena tenisy lehilahy hiatrika ny "Coupe Davis 2023" hatao any Kinsasha hanomboka amin' ny alarobia 21 jona 2023 ho avy izao, ka handraisana firenena miisa 13 anjara, ny roa amin'ireo no hiakatra any amin'ny dingana ambonimbony kokoa noho ny misy azy ireo ankehitriny. Rahampitso zoma 16 jona no hainga eto an-tanindrazana Rakotomalala Roméo sy Raharivony Nicolas ary Rasendra Fenosoa, fa Andriamamilalao Lucas kosa dia hamonjy azy ireo mivantana any Kinshasa avy any Frantsa miaraka amindRazafimanotrona Dina kapiteny.




*Tetsy emin'ny Acsa Ambohidahy omaly.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Pirina endasina** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana kentrona amin'ny hoditra


Fomba fanalana kentrona amin'ny hoditra : iray amin'ireto no atao :

1- tamotamo poudre sy citron ary tantely afangaro dia ahosotra amin' ilay mikentrona. 30 min avy eo sasana.

2- Vaseline sy gel aloe vera na vahona afangaro dia ahosotra amin'ilay mikentrona. 30 min avy eo sasana.

3- Vary fotsy poudre , graine de lin poudre , huile de coco . Ampangotrahana 10 min ilay graine de lin poudre dia avy eo tatavanina ilay ranony , ilay ranony no ampiasaina atao anatin'ilay poudre vary fotsy dia afangaro tsara ary hasiana huile de coco , ahosotra amin'ilay mikentrona dia avela eo 30 min, avy eo sasana.

Ahosotra isan'andro ireo mandrapahafaka ilay mikentrona.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambalarondra distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ny kaoiminina 5 amin'ny distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana, dia ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 17 any amin'ny distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana ihany, no hampahafantarina anao manomboka eto.

Ny tanànan'Ambalarondra distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambalarondra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 any amin'ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo. Ny vokatra fanondrana toy ny jirofo, ny kafe.



**VALIN'NY NENY FILAMATRA 2023**

# Aryh Rakotoarisoa N°2 no nivoaka ho mpandresy

Aryh Rakotoarisoa N°2 no nivoaka ho mpandresy, tamin 'ny Fifaninanana Neny FILAMATRA 2023 , Nirisoa Harizaka N°8 no laharana faharoa na 1ère Dauphine, Tsarahasy Raherindrainy no laharana fahatelo, na 2ème Dauphine. Tontosa soa amantsara ny famaranana izay natao tao amin 'ny IKM Antsahavola tamin 'ny sabotsy 10 Jona lasa teo , seho tsy manam-paharoa izay notronin'ireo mpanakanto toa an'IARY sy Fara GLOUM ary ny Tarika RABEJEAN Miarinarivo, invité surprise kosa ny Tarika ISALO . Tanjon 'ny Neny FILAMATRA dia ny fifampitaizana sy ny fanomezan-kasina ny Reny, fahatsiarovana ireo Reny mitotototo toa zary adinodino indraindray , hita sy tsapa anefa fa manankarena vehivavy mendrika ny Malagasy . Filatroana indroa miantaona no nasehon'ireo Reny Filamatra tao amin 'ny IKM , nahitana fitafy maneho ny maha Malagasy . Tsy mijanona hatreo akory ny hetsika Neny FILAMATRA, fa mbola hitohy isantaona, ary ezahina ho hatsaraina hatrany.



*Ireo anisan'ny nandray anjara tamin'ny Neny Filamatra 2023.*

Nahazo ny voalohany Aryh Rakotoarisoa N°2, miasa amin 'ny filan-kevipitanana anankiray sady styliste ihany koa, mandihy sady tia manao fanatanjahatena ny vehivavy. Nahazo ny laharana faharoa Nirisoa Harizaka N°8, mpandraharaha sady mpilalao sarimihetsika, no mpanoratra tononkalo. Nahazo ny laharana fahatelo Tsarahasy Raherindrainy N°5 miasa amin 'ny sehatra tsy miankina, sady mpampianatra teny frantsay sy espagnol , mpiantsehatra ihany koa ny vehivavy.

**Aly**

"Fête de la musique 2023"

# Eny Tongarivo Tanjombato no hanombohana azy

Eny amin'ny kianja filalaovam-baolina eny Tongarivo Tanjombato, no hanombohana ny hetsika "Fête de la musique 2023" eto Madagasikara amin' ny sabotsy 17 jona 2023 ho avy izao, fa tsy ho etsy amin'ny AFT « Alliance Française d'Antananarivo » toy ny nahazatra teo aloha hatrizay, mba hanomezana fahafaham-po ny mponina manodidina an' Antananarivo, ka ny « Carnaval Mozikara » ho tanterahina, izay handraisana mpandray anjara hatrany amin'ny 300 isa any ho any miainga eny Mandrimena Andoharanofotsy handalo an'i Malaza ary hipaka hatreny amin' ny kianja filalaovam-baolina eny Tongarivo Tanjombato, no hisantarana an'izany amin'io sabotsy io ny maraina. Ny tolakandron'io sabotsy io kosa no hisian'ny seho an-tsehatra hiangalian'ireo mpanakanto maro ho tarihan-dry RIM ka, L Jo ary Lion Hill, izay hialohavan'ny fiseharan'ireo mpanakanto vao misandratra toa an-dry Odon, Ilaina ary Kanto, ka tsy handoavam-bola ny fidirana amin'izany, fa halaina eny amin'ny AFT Andavamamba kosa ny taratasy fanasana hoan' ny rehetra. Ny fampisongadinana ny zava-kanto Malagasy no tanjona amin'ity hetsika ity araka ny nambara teny amin'ny "Campus Telma Andraharo", tamin'ny fanaovana ny valandresaka hoan'ny mpanao gazety notarihan'ny Tale Jeneralin'ny AFT, Kubler Pierre-Alexandre, ka hanohan'ireo mpiara-miombon'antoka tarihan'ny Telma an'izany. Hatramin' ny zoma 23 jona 2023 no hanamarihana an'ity "Fête de la musique 2023" ity, ka ny "Open Mic" no hamaranana tanteraka an' izany rehefa ho marihana eny amin'ny Commune Ivato kosa amin'ny alarobia 21 jona 2023 amin' ny alalaon'ny seho goavana hiangalian'ny mpanakantao miisa 10 ny tena fanamarihana hiarahana amin' ny firenena rehetra manerantany an'ity "Fête de la musique 2023" ity amin'ny alarobia 21 jona 2023 io.




*Teny amin'ny "Campus Telma Andraharo".*

**Rainilita**

Zava-mahadomelina mahery vaika

# Nahitana rôrô tany Andilamena

Manentana amin'ny ady amin'ny zava-mahadomelina mahery vaika rôrô ihany koa amin'izao fotoana ny zandary, toy izany no misy any amin' ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro.

Ho fiaraha- mienatana hatrany ho fampandriana fahalemanana ao anatin'ny Distrikan'Andilamena amin'ny alalan'ny tanamaron'ny fandriampahalemana dia nifampitaona tao amin'ny lycée Andilamena ny mpitandro filaminana avy eo anivon'ny Zandarimarim pirenenana, izay notarian'ny komandy ny borigady ao Andilamena ary ireo manampahefana isan- tsokajiny ao an-toerana, ka nitondra fanentanana hoan'ireo mpianatra ao amin'ny lycée, ka ankoatra ny fanomezana loharanombaovao mahakasika ny fandikan-dalàna eny amin' ny fiarahamonina eny dia noentanina ihany koa ireo mpianatra mahakasika ny tsy tokony handraisana zava- mahadomelina, indrindra fa ilay malaza amin'izao fotoana izao dia ny rôrô.



*Ireo tompon'andraikitra nanao fanentanana momba ny ady amin'ny rôro tany Andilamena.*

Na ny lefitry ny lehiben'ny distrika na ny ben'ny tanàna sy ireo izay nandray fitenenana rehetra dia samy hentitra, satria isan' ny miteraka fandikan- dalàna ny fandraisana zava-mahadomelina.

Raha ny fantatra dia efa nahitana ity zava-mahadomelina antsoina hoe rôrô ity ao amin'ny Distrikan'Andilamena ary nisy ny efa voasambotra tamin' izany, ka mbola anaovan' ireo mpitandro filaminana antso avo na hoan'ireo mpianatra na ny mpiaramonina rehetra ny mba tsy hisalasalana hampandre raha toa ka mahita fandikan- dalàna na koa mahita olona manaparitaka ireny zava- mahadomelina ireny, fa ho raisina ho tsiambaratelo izany.

**Niaina**

Soro-doza sy tandrim-pahasalamana amin'ny Asa

# Mampitombo fahalalana ireo mpitarika sendikaly



Haharitra telo andro ity fiofanana andraisana mpitarika sendikaly avy amina orin'asa maro eto Antsirabe anjara, izay tanterahina ao amin'ny Lê Rêve hatramin'ny Zoma izao ity. Miara-miombon'antoka amin'ny fanatanterahana azy ny " Vision zero found" sy ny " trade for decent work", izay samy tetik'asa eo anivon'ny birao Iraisam-pirenena momba ny asa na ny OIT/ BIT. Lafin-javatra efatra no iompanan'ny fiofanana ka ankoatry ny soro-doza sy tandrim-pahasalamana eny anivon'ny toeram-piasana dia resahana sy dinihina mandritra io telo andro io koa ny ady amin'ny fampiasana ankizy sy ny zon'ny olona miaina miaraka amin'ny tsy fahatomombanana eo anivon'ny tontolon'ny Asa sy ny orin'asa ary ny fifampidinihina eo anivon'ny toeram-piasana. Amin'ny maha-tanànan'ny orin'asa an'Antsirabe dia napetraka ho mpitarika sy filamatra amin'ny fampiofanana ireo mpitarika sendikaly sy ny mpikambana amin'izany, ka aorian'ity fiofanana ity dia mbola hisy andiany efatra hisitrahan'ireo sendika maro misy eto an-toerana,indrindra ireo avy amin'ny orin'asa afakaba sy misehatra amin'ny resaka lamba izay maro an'isa eto.

Tanjona amin'izany ny hampiofanana olona 1000, ka hananana mpitondra teny manodidina ny 100 amin'ity taona 2023 ity. Izany no ataao dia mba hahatrarana ny tanjona amin'ny fanapariahana sy ny fanatanterahana ary ny fanajana ireo lohahevitra efatra niofanana ireo eny anivon'ny toeram-piasan'izy ireo avy. Ankoatra ny amban-doza ateraky ny herinaratra dia isan'ny voasokajy iainan'ny mpiasa maro ihany koa ny loza mety hateraky ny fibatana entana sy ny fampiasana akora simika ary ny fianjerana. Mahafantatra tsara ireo avokoa ireo mpiasa , indrindra ireo efa nahazo fiofanana ka misy ny efa nanao dingana toy ny fifampiresahana amin'ny tompon'andraikitry ny orin'asa, ny amin'ny fampiharana ny fiarovana toy ny fampiasana fitaovana aro- loza na EPI, saingy raha araka ny voalazan'izy ireo dia miserana ihany izany.

**Fifampiresahana**

Tanjon'ny birao Iraisam-pirenena momba ny asa ny fampanana asa sy ny asa mendrika, ka hahatrarana izany dia misehatra amin'ny lafiny maro ny ekipa ao aminy. Raha mahakasika ity soro-doza sy tandrim-pahasalamana eo anivon'ny toeram-piasana ity ohatra dia efa maro ny dingana vita. Maro ihany koa ireo mpiasa no efa mahalala sy resy lahatra amin'ny tokony hampiharana azy io, saingy sakana hatrany ny tsy fahampiana na ny tsy fisian'ny fifampiresahana ara-tsosialy.

**Ambinintsoa**

Antoko Gffm

# Pasitera Mailhol no hitantana ny antoko mandritra ny 5 taona

Nofidin'ny mpikambana ao amin'ny antoko Gffm (Gideona fandresena ny fahantrana eto Madagasikara), ho filoha nasionaly hitarika ny antoko mandritra ny 5 taona manaraka izao ny Prezida Pasitera Mailhol André Christian Dieu Donnée, nisolo an'Andriamatoa Ralaivao Andriamparany, izay filohan'ny antoko teo aloha. Io no nisongadina nandritra ny fivoriamben'ny mpikambana Gffm, izay natao tetsy amin'ny Fokontany Ankaditapaka Atsimon'ny Rova ny alahady maraina teo ary nampahafantarina ny be sy ny maro, fa ny tranobe itoeran'ny Radio Fanambarana ihany no foiben-toerana vaovao misy ny antoko Gffm manomboka izao. Nanohy fanazavana ny Prezida Mailhol, fa mivonona amin'ny mety ho fivoaran'ny raharaham-pirenena ny antoko Gffm, na hiroso amin'ny fifidianana isan-tsokajiny na hiditra amin'ny fitondrana tetezamita ary mitaona ny olom-pirenena vonona hiady amin'ny fahantrana izay manjo ny mpiray tanindrazana, mba hanatevin-daharana ny antoko Gffm, hiara- hientana hanala an'i Madagasikara amin'izao fahasahiranana lalina izao. Nanamafy ny Prezida Mailhol, fa antoko Politika tsy manavaka foko, finoana,fiaviana, volon-koditra ny antoko Gffm ary nanao antso avo amin'ireo mpiara- miasa sy ireo mpiaramiombon'antoka ny filohan'ny Gffm, mba hifanome tanana amin'ny tanjona tian'ny antoko ho tratrarina eo amin'ny sehatra rehetra eto Madagasikara. Hanatanteraka kongresy nasionaly izay hatao eto Antananarivo Renivohitra ny antoko Gffm aorian'ny famoahan'ny fitondram-panjakana ny datim-pifidianana filoham-pirenena amin'ity taona 2023 ity ary amin'io fotoana io, no hahafantarana hoe hanohana kandida ny antoko na hirotsaka ho kandida ho filoham-pirenena ny Prezida Mailhol. Marihina fa antoko politika mijoro ara-dalàna, no sady miparitaka manerana ny Nosy ny antoko Gffm ary nahazo ny laharana faha-4 ity antoko ity nandritra ny fifidianana filoham-pirenena izay natao ny taona 2018, taorian'ny filoha Rajoelina (Antoko Tgv) sy ny filoha Ravalomanana Marc (Antoko Tim) ary ny filoha Rajaonarimampianina Hery (Antoko Hvm).

**Franck Razakambelo**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 10/06/2023 hatramin'ny 17/06/2023**

**- AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
**- MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/ 020 22 545 59/ 034 07 545 58
**- ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/ 020 22 694 12
**- CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
**- AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1445-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FETY VOLANA JONA**

# Asaramanitra miavaka miaraka amin' ny Baolai

Rehefa manakaiky toy izao ny fetin' ny Ray sy ny Asaramanitra eto amintsika, dia ny « appareil en éléctroménager » no tena mahasarika ny tokantrano malagasy maro. Ao anatin' izany dia hanampy betsaka ny besinimaro ny Tranombarotra « Baolai », izay mankalaza ny faha20 taonany ihany koa amin' ity 2023 ity. Misy ny machine à laver transparent ( 8 sy 9 kg), izay vao tonga ao amin' izy ireo. Ao koa ny subwoofer, Laser Tv 120" (misy antoka 1 taona ), mini radio baffle bluetooth solaire, climatiseur, réfrigérateur ( mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy), synthétiseur, four à gaz sy élec6 trique, panneaux solaires mono sy polychristallins, table de mixage, machine à café à capsule, « Hoan' ny fetin' izy ireo amin' ny alahady 18 Jona hoavy izao dia hahazo fahafahampo manokana ny Ray rehetra amin'ireo entana lohalaharana amin'ny kalitao ato aminay. Ary amin'izao fotoana izao dia misy fihenambidy goavambe, ny Smart Tv sy Télé Led (misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces ) ary ary ny laser tv 100 pouces (misy antoka 1 taona ) ato aminay », hoy ny tompon' andraikitra. Izany rehetra izany dia ho ho hita etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar - Be Toamasina. Ny fanazavana fanampiny, dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin' ny 0333718888 ( amin'ny ora fiasana). Dia ho maro loko ny ity volana jona ity miaraka amin' ny tranombarotra « Baolai ».

***Aly***




***Entana samy hafa, azo atao fanomezana ao amin'ny Tranombarotra Baolai.***

Vokatra fanondrana

# Tafidina hatramin'ny 3000 Ar ny vidin'ny lavanila



***Lavanila maitso, mitobaka, tsy misy mpividy.***


Tafidina hatramin'ny 3000 Ar, 5000 Ar amin'izao fotoana ny vidin'ny lavanila maitso, amin'ny toerana sasany mpamokatra ity vokatra fanondrana ity. Araka ny vaovao voaray, mbola tsy misy mpividy ihany aza izany 3000 Ar izany ny kg ny lavanila. Very fanahy mbola velona noho izany ireo tantsaha mpamokatra ity vokatra ity any Diana sy Sofia iny, izay efa misokatra ny taompiotazana, faritra anisan'ny tena mamokatra azy ity ihany koa ny any amin'ireo faritra ireo. Araka ny vidiny nofaritan'ny fitondrana, tokony ho 75000 Ar no vidin'ny lavanila maitso andraisan'ny mpanangom-bokatra azy any amin'ny tantsaha. Tsy manaraka izany anefa ireo mpanangom-bokatra, fa mampidina be ny vidiny ho 3000 Ar na 5000 Ar ny kilaon'ity volamena maitso ity. Raha izao no mitohy, tsy ho volamena maitso intsony ity vokatra fanondrana ity eto amintsika, fa lasa mitovy vidy amin'ny ovy, na ny voatabia, na tômaty,… Ketraka ny tantsaha, fitantanana tsy mahombin'ny fitondrana Rajoelina avokoa no mahatonga izany rehetra izany.

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 434**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0433)

***Mitsivalana***
- Paraky
- Olona – Zn
- Kavinao
- Eny – Eo
- Tatitra
- Ray – In
- Vata (miv) – Tao

***Mitsangana***
- Poketra
- Alàna
- Rovitra
- Any – Vay (miv)
- Kanety
- Roa (miv)
- Zo – Aia
- RN – Vono

**TENY MIFANAPAKA N° 434**




**Mitsivalana**

**1.** Fitsinjovana **2.** Fiantsoana anao **3.** Isa omena amin'ny taranja – Oroka (miv) **4.** Fiandohan'ny lisitra – Loza mitatao **5.** Foto-tenin'ny mandroaka – Fanao amin'ny laika (BR) **6.** Sintona **7.** Nitady valiny mazava **8.** Karazana vato – Masindahy **9.** Tsy ara-potoana (miv) – Mampisafidy **10.** Azo amin'ny vary (miv) – Hazo fandrehitra

**Mitsangana**

**A.** Kilalaon-tsaina **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaraka amin'ny basy (miv) **D.** Tanàna malaza **E.** Lalao fanatanjahan-tena (miv) – Malaina (miv) **F.** Loham-pianakaviana – Efa simba, haolo (miv) **G.** Anaty rano – Solfa (miv) **H.** Firinga - Tsy mendrika **I.** Mpanondro – Nahitana (miv) – Hita ao amin'ny vata **J.** Karazana fitafiana (miv) **K.** Lazaina mazava – Diky

## Valiny Teny mifanaraka 0433

**Mitsivalana**

**1.** Sambava - Lo **2.** Ovaina - Hao (miv) **3.** Ro(taka) - Soraty **4.** Atsinanana **5.** Ta - Koto - GR **6.** Antitra - Ao **7.** Na - Liana **8.** Mey (miv) - Aloa **9.** Lot(o) - Ana **10.** Lahatra - Sa

**Mitsangana**

**A** Soratana **B.** Avotana - La **D.** Ma - Hoy (miv) **E.** Bisikileta **F.** Mitonona (miv) **G.** Varatra - Ar **H.** Anoanana **I.** Ota - Ala **J.** Lainga **K.** OH - Arodana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Nandeha Bajaj ny filoha Marc Ravalomanana, rehefa nosakanan'ny mpitandro filaminana ny fiarakodia nitondra azy, tany Mananjary faritra Vatovavy ny talata teo.**









**Feno olona tao anatiny, sy tany ivelany, nandritra ny kongresim-paritry ny antoko TIM Vatovavy, ny talata teo tany Mananjary.**







